

Ny tsy fahamarinana manjaka **2**
Mampikorosy firenena toy izao

Mpitondra ifotony **3**
Mampikaikaika vahoaka ny fanararaotam-pahefany

NY VALOSOA

Gazety misohe intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

VAOVAO

Sabotsy 11 febroary 2023

Laharana 1400

Vidiny : **600 Ar**

9 novambra 2023 ny fifidianana filoha **2**

48 taona lasa izay ny 11 febroary 1975 **2**

“Bye bye” Rajoelina
alohan’ny 9 septambra 2023

Maty nisy namono
ny kolonely Ratsimandrava



Fanampian’ny FID

7

Ireo mahitahita ihany
no mahazo ny vatsy-vatsy



Baolina kitra sy tokantrano **6**

Tontosa ny fanambadian’i
Rakool Barea Chan sy ny vadiny



Lalao « jeux video »

6

Niafara tamin’ny koron-tana sy savorovoro

American Corner vaovao

6

Mampifandray an’Antananarivo
sy Etazonia ary izao tontolo izao

Daka kely

Ary toa tsy mba nomenareo bôby
ny Barea Chan ry Boaikely a !

9 NOVAMBRA 2023 NY FIFIDIANANA FILOHA

"Bye bye" Rajoelina alohan'ny 9 septambra 2023

Ho tanterahana ny alakamisy 9 novambra 2023 ny fifidianana Filohampirenena fihodinana voalo-hany eto amintsika, ny alarobia 20 desambra ny fihodinana faha-2, araka ny novolavolain'ny Birao maha-ritra eo anivon'ny CENI, n any Vaomieram-pirenena Maheleotena misahana ny Fifidianana eto amintsika, navaokany omaly teny amin'ny foiben-toerany Alarobia Ivandry. Araka ny voalazan'izy ireo, efa nalefa any amin'ny governemanta io daty io, sy ny tetiandro mifanaraka amin'izany, ary efa nalefa nakana ny hevity ny HCC, na Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana koa. Araka ny voalazan'ny lalampanorenana, raha hirotsaka hofidiana ny filoha am-perinasa dia ny filoha Andry Rajoelina, tsy maintsy hameatra-pialana izy 60 andro mialohan'io daty io, izany hoe: tsy maintsy hameatra-pialana izy mialohan'ny 9 septambra 2023, ka ny filohan'ny Antenimierandoholona no hisolo azy, mandra-pandraisan'ny filoha vaovao ho voafidy ny toe-rany. I Herimanana Razafimahefana no hisolo azy, raha tsy hisy ny fiovana. Izany hoe "bye bye", na veloma tsy hiverina ho filoha intsony Rajoelina mialoha io datin'ny



Ireto ao amin'ny birao maharitry ny CENI amin'izao fotoana.

9 septambra io, izany hoe: afaka 7 volana eo sisa, na 210 eo dia tsy hiverina amin'ny toerany intsony Rajoelina: filoha mpampijaly vahoaka, mpandainga, mpanao kobaka am-bava, mpivadibadi-dela lava,...

Isambilo

Hery Rajaonarimampianina

Higadona an-ta nindrazana anio amin'ny 3 ora tolakandro



Ny filoha teo aloha, Hery Rajaonarimampianina.

drika sy tsotra ary ampanetren-tena no hatao amin'ity filoha teo aloha ity. Araka ny programa napetraky ny antoko dia amin'ny 2 ora sy 30 ministra dia hisy ny fanentanana maro samihafa eny Andraharo. Aminy 3 ora ny fitsenana eny Ivato. Amin'ny 4 ora sy sasany ny fandraisana ity filoha teo aloha ity eny amin'ny foiben-toeran'ny HVM; aminy 5 ora kosa no han-deha ny kabary hifandimbiasana.

Helisoa

48 taona lasa izay ny 11 febroary 1975

48 taona lasa izay ny 11 febroary 1975



Ny kolonely Richard Ratsimandrava.

drafitra azy io ary voasolotena tao avokoa ireo faritany enina. Ny komitimpitondrana miaramila, no ambaratongampahefana ambony indrindra teto amin'ny firenena nanomboka tamin'io tamin'izany, ireo ministra tao anatin'ny governemanta ny Kolonely Ratsimandrava dia mbola nanohy ny asany hatrany.

Ny komitimpitondrana miaramila no nampao ny fitsarana ireo voarohirohy tamin'ny famonoana ny filohampirenena, naharitra volana vitsivitsy ny fotoampsarana, kanefa dia afa-maina avokoa ireo voampanga, fa "Frs" telo lahy izay niaraka tamin'i Zimbo, ilay "Frs" maty teny Ambohijatovo ihany no voasazy nigadra 5 taona dia: Boto sy Maurice Alphonse, ary Laza Petit Jean. Ny Capitaine de Fregate Didier Ratsiraka dia tsy tao anatin'ny Governoranta Ratsimandrava, fa ny fijorao ny Komitimpitondrana miaramila taorian'ny famonana ny kolonely Ratsimandrava, no fomba nivernany teo amin'ny sehatra politika, satria nisy ny fifampidiana tao amin'io komitimpitondrana miaramila io, ka ny Capitaine de Fregate Didier Ratsiraka no voafidy ho filohampirenena, napetraka teo amin'ny fitondrana izy ny Al-

MATY NISY NITIFITRA NY KOLONELY RATSIMANDRAVA

Na dia efa filohampirenena aralàna aza ny Kolonely Ratsimandrava dia mbola teny amin'ny minisiteran'ny atitany teny Anosy ihany no toerana niasany.

Ny alin'ny Talata 11 Febrero 1975 dia nisy ny filazana tao amin'ny Radiompirenenena, niantso ny vahoaka tsy hivoaka ny trano intsony ary ireo izay mbola mandehandeha tany ivelan'ny fonefany dia nantsoina hamony fodiana avokoa, dia

NIJORO NY KOMITIMPITONDRA MIARAMILA

Fa anisan'ny zava-dehibe nambaran'ny Jeneralny Andriamahazo ihany koa ny fijorao ny "Komitimpitondrana miaramila" (Directoire Militaire), ka izy no filoha, 18 ireo mpikambana, manboninahitra avy ao amin'ny tafika sy zandary roa mpiambina ny Kolonely Ratsi-

Ny Valosoa sy fakafaka

Ny tsy fahamarinana manjaka, no mampikorosy firenena toy izao

Mitsingerina amin'ity andro ity ny faha-48 taona namonoan'ireo fahavalom-pirenena ny kolonely Ratsimandrava Richard, enina andro monja nitondrany ny firenena, ny 11 febroary 1975. Mazava loatra, fa misy sokajin'olona, ary olom-bitsy ireo, tsy maha-zaka ny fomba fiasany mahitsy ary te-hanandratra marina ny vahoaka malagasy sy ny firenena. Hoan'izay nahalala, dia tsy nisalasala mihitsy ny tenany, tamin'izy tomponandraikitra, ny namaky bantsilana ny tetika maloto nangorongan-karena teto amin'ity firenena ity nataon'ireo olom-bitsy ireo. Nanam-piniavana ny hametrakana ny fahamarinana, indrindra teo amin'ny lafiny fitantanam-pirenena, ny tenany na izy tamin'ny toeran'ny ministra na izy tsy niamboho adidy nandray ny andraikirity ny filohampirenena. Very olomanga tamin'izay andron'ny 11 Febroary izay ny vahoaka malagasy.

48 taona aty aoriana, mbola tsy tafapetraka ny tsy fahamarinana eo amin'ny lafiny fitantanana izay miseho amin'ny sehatra sy endrika maro samihafa. Ao anaty fahalovana tanteraka ny firenena ary zary voahitsakaka ny rariny sy hitsiny. Mipoitra eto avokoa ankehitriny ny endrika ratsy rehetra tsy fahita tany aloha tany. Rehefa manara-baovao sy mama-kafaka, dia hahatsapa fa miha-rakotra tambazotra "mafia" ny sehatra samihafa misandrahaka iainana eto amin'ny firenena. Ireo no miezaka ny mifehy ny fiainam-pirenena sy ny fiainam-piarahamonna eto. Mangeja mangina na an-tsokosoko miafina ny fiainan'ny vahoaka malagasy izany ary mamaritra ny lasin-tsainy.

Nisarika ny sain'ny maro ny nandre ny laharan'i Madagasikara amin'ny resaka famotsiam-bola sy ny famotsiam-bola ny asa fampihorohoroana. Ratsy toerana ny firenentsika ary mbola aorian'i Mozambique sy Repoblik Demokratikan'i Kongo na RDC. Voalaza fa niha-nitombo ny fidiran'ny vola tsy mazava niditra an-tsokosoko teto Madagasikara tamin'ny taona 2022, raha niohatra ny tamin'ny 2021. Mbola misy aza ny fanahian'ny maro ny amin'ny mety hitomboan'izany amin'izao resaka fideidianana hoavy izao. Tsy fahamarinana misy eto amin'ny firenena izany. Santionany ihany izany, fa maro ny tranga amin'izany ho amin'ny resaka tombontsoa manokana, na amin'izay tanjona tiana hokendrena hahazoana toerana eo amin'ny fitantanam-pirenena mba hangorongan-karena. Mazava loatra, fa ny sarambabem-bahoaka hatrany no mifafa kiho sy mizaka ny vokatr'izany, ka mampahantra azy hatrany.

Tsy hita mazava sy tsy tsapa hanam-piniavana hampanjaka ny fahamarinana marina eto amin'ity firenena ity ny fitondrana Rajoelina ankehitriny mitantana ny firenena ity. Efa niseho izany tato anatin'ny taona maromaro farany, ary mbola ahiana aza ny hitohizan'izany raha mitodika eo amin'ny lafiny fanomanana ny fideidianana. Manaporofa izany ireo nambaran'ny antoko mpanohitra izay tsy matoky ny momba ireo rantsa-mangaika misahana ny fanomanana sy ny fikarakarana izany, sy ny mahakasika rehetra ny amin'izay fideidianana izay. Ny tsy fahamarinana tsy mampandroso firenena, no vao mainka manapotika azy aza.

Sôh'son

haday 15 Jona 1975.

Nandray andraikitra ireo Manamboninahitra tao anatin'ny Komitimpitondrana miaramila, nandamina ny firenena tamin'ny taona 1975, izay iray monja no manankitana, fa manambokotra avokoa ireo 17 sisa, tsy mba toy izany ny komitimpitondrana miaramila, izay nomen'ny Filoha Ravalomanana ny fahafana feno tamin'ny 17 Martsa 2009, izay marihina f'reo manankintana sady ireo ambony laharana indrindra, kanefa dia niamboho adidy tsotra izao ary nanome ny fahafana ny Filoha

amin'izao fotoana izao, anisan'ny fototry ny faharavan'ny firenena ny fietsik'ireo "manankitana" ireo. Maty nisy namono ny Kolonely Ratsimandrava ny 11 Febrero 1975, tsy mbola fantatra izay tompon'andraikitra tamin'ny fahafana feno tamin'ny 17 Martsa 2009, izay marihina f'reo manankintana sady ireo ambony laharana indrindra, kanefa dia niamboho adidy tsotra izao ary nanome ny fahafana ny Filoha

Ny Valosoa

Ny Valosoa sy hadihady

Kolonely Ratsimandrava

Rain'ny fokonolona sy ny fokontany ary ny fitsinjaram-pahefana

Valo ambiefapolo taona amin'ity andro 11 Febrero ity no namonoan'ny fahavalom-pirenena ny filoham-panjakana, ny Kolonely Ratsimandrava Richard. Mbola misiter ny namonoana azy, tsy mbola tena mazava hatramin'izao na efa teny amin'ny biraony tao amin'ny « Patte d'Eléphant » izy no novonoina na tena notifirin'ilay GMP, Zimbo, teny Ambohijatovo tokoa. Raha tsiahivina ny tantara dia ny 5 Febroy 1975 no natolotry ny Jeneral Ramanantsoa Gabriel azy ny fahefana feno. "Tsy hiambaho adidy aho, mon Général", hoy izy. Telo taona mahery kely izy no niandraikitra ny Minisiteran'ny Atitany ary namerina ny hasin'ny fokontany izay vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana fototra teo amin'hy fiarhamonina malagasy. Tsiahivina isan-taona ity andro anisan'ny "MAIZINA" indrindra teto amin'ny Firenena ity, satria toa nilatsaham-baratra ny vahoaka Malagasy raha nandre ny namonoana azy. Efa azo lazaina fa nanana ny fahefana sy fizakantena teo amin'ny se-hatra ara-toekarena, ara-pitantanana, ara-pahefana ary fanarahamaso ny fandriampahalemana (andrimasom-pokonolona) ny Fokontany. Anisan'ny nanan'ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-panjakana ireo ny fahefana nanao tetikasa sy programam-pampandrosoana ny nananganana ny "Vatoeka", izay anisan'ny fototry ny fahafahana manatanteraka ireo. Toy ireo vondrom-bahoaka nitsinjaram-pahefana rehetra dia nisy hatrany ny solontenan'ny fanjakana foibe namampy tamin'ny fampandehanan-drahahaha dia ny fanapariaham-pahefana (déconcentration). Notohizan'ny Amiral Ratsiraka Didier rehefa voafidy ho filoham-pirenena izy ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana izay nisy ny Fokontany, Firasam-pokontany, Fivondronam-pokontany ary ny Faritany. Nisy ny fifidianana mivantana teo anivon'ireo vondrom-bahoaka ireo ary toa nanome fanantenana ny vahoaka tokoa ilay teny filamatra "teny miakatra ifampiherana, teny midina ifampifehezana" kanefa sarotra ihany ny nampifanidry an-dàlana ny "sosialisma" sy ny fitsinjaram-pahefana tena izy. Nopotehina ilay "Vatoeka" ary natsangana ny "koperativa sosialista" ary ny tena nahirana dia natsangan'ny fitondrana Ratsiraka Didier ihany koa ny "Koparema" izay tsy azo lavina fa orinasan'ny antoko politika Arema izay an'ny filoha Republika. Tena nampiseho fa fitondrana tsy refesmandidy no nisy tamin'izany, satria dia miaramila no niasa tany amin'ireny toeram-pambolen'ny Koparema ireny. Anisan'ny nanana finiavana namerina ny von-

drom-bahoaka itsinjaram-pahefana ny fitondrana tam'in'ny andron'ny Filoha Ravalomanana Marc tam'in'ny alàlan'ilay Programam-pirenena momba ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fanapariaham-pahefana (Programme National de Décentralisation et de Déconcentration). Minisitera fito no notsongaina nandrafitra ny programa: Fanabeazam-pirenena, Vola sy Toekarena, Fambolena sy Fiompiana, Angôvo sy Harena Ankibon'ny Tany, Tontolo lainana, Atitany ary ny minisiteran'ny Mponina. Ny Pnud sy ny Unicef no namsaty vola ny programa. Azo inoana fa raha nahavita ny fe-potoana hatramin'ny 2012 ny Filoha Ravalomanana Marc dia tafapetraka ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana tena izy. Ny Lalàmpanorenana amin'izao Repoblika IV izao moa dia natao dika mitovy tamin'ny tany ivelany dia ny kaominina no rafitra fototra eto amin'ny Firenena. Rehefa tsy mbola voafidim-bahoaka mivantana ny filoham-pokontany, izay "sefo fokontany" ary tendren'ny minisiteran'ny Atitany dia tsy anisan'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana izany fa fanapariaham-pahefana (Service Technique Déconcentré). Amin'izao fotoana izao koa dia toy izany ny Faritra izay raha araka ny Lalàmpanorenana dia fidiana ny Lehiben'ny Faritra kanefa dia tendren'ny fanjakana foibe izy ireny. Iainan'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ny tsy fannana tetibola fa mirotsaka any amin'ny kitapombo-lam-panjakana avokoa ny vola miditra rehetra vao tsinjaraina. Miainga any amin'ny rafitra fototra ny fampandrosoana fa tsy arotsaka avy any ambony, satria tsy mahafantatra izay tena ilain'ny mponina ny any ambony. Iainana izany amin'izao fotoana izao satria ny filohan'ny Republika no milaza izay tiany ho tene-nina momba izay fotodraftrassa tokony haorina ary tsy misy resaka ny any amin'ny fokontany, fa saika any amin'ny distrika foana no anaovana izany. Tantara sisina ny fokontany amin'ny endrinametrahan'ny Filoham-panjakana Ratsimandrava Richard azy ary tantara efa tsy fantatry ny taranaka aty aoriania intsony ny fisiany kanefa raha notohizana araka ny ni-heverany azy izany vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana izany dia tsy ho toy izao ny fainan'ny Malagasy. Adidy tsy maintsy raisin'izay te-hitondra ity Firenena ity ny fanomezana hasina sy famerenana ny Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana tena izy hisian'ny fampandrosoana miainga avy any ifotony.

Andry Tsiavalona

FIARAHAMONIM-PIRENENA ANDRIAMASO

Mampikaikaika vahoaka ny fanararaotam-pahefana ataon'ny mpitondra ifotony

Mampitaraina ny vahoaka madinika nandritra ny taona 2022 lasa teo, ny tsindry hazolena ataon'ireo olom-panjakana isantsokajiny : ny Zandary, ny Miaramila, ireo manampahefana ifotony... hoy Andriamatoa Andry Raveloson, filoha nacionaly ny vovonana Andriamaso (Fiarahamonim-pirenena miaro ny zon'olombelona sy miady amin'ny tsy fandriampahalemana). Io no fanehoan-kevitra nison-gadina nandritra ny lanonana fiarahabana tratra ny taona nataon'ny mpikambana ao amin'ity vovonana ity, tetsy amin'ny Fokontany Ankadindramamy omaly zoma. Nanhohy fanazavana ity tompon'andraikitra ity, fa miisa 1200 ny fitarainan'ny olona nandalo teo amin'ny Andriamaso nan-



Ireo ao amin'ny fiarahamonim-pirenena Andriamaso.

dritra ny taon-dasa ary voavaha avokoa ny 80 % an'ireo raharaha ireo, noho ny fisian'ny soatoavina Malagasy ao anatin'izany ny fandalana ny fihavanana. Nanohy fanazavana ny filoha nacionaly ny Andriamaso, fa araka ny fidinana ifotony izay nataon'ny birao nacionaly dia ny fahantrana sy ny fiantraikan'ny fanda-

lovan'ny aretina « Covid » no fototry ny olana eto Madagasikara mahatonga ny fifanolanana ary nohon'ny fisian'ny fanararaotam-pahefana ataon'ny olom-panjakana dia mihiarakazaka any amin'ireo fikambanana miaro ny zon'olombelona ny vahoaka madinika mitondra ny fitarainany rehefa tsy nahazo ny rariny ary manosika an'ireto farany hanao valifaty amin'ny alalan'ny fanaovana ny asan-dahalo sy sakan-dalana, ka manome vahana ny tsyfandriampahalemana. Nanamafy ny filoha nacionaly ny vovonana Andriamaso, fa tokony homen'ny fitondram-panjakana asa ireo mpitandro filaminana nah-

maf y i Andriamatoa Raveloson Andry, fa hiantso an'ireo olona sahy hiaro ny zon'olombelona sy hiaro ny vahoaka madinika miarakaka amin'ny fannanany, mba hanatevin-daharana an'ity vovonana ity ny mpikambana Andriamaso amin'ity taona 2023 ity, satria noho ny fisian'ny tsindry hazolena ataon'ny olom-panjakana dia misintaka ny tanànd-dehibe ireo vahoaka madinika tsy nahazo ny rariny ary manosika an'ireto farany hanao valifaty amin'ny alalan'ny fanaovana ny asan-dahalo sy sakan-dalana, ka manome vahana ny tsyfandriampahalemana. Nanamafy ny filoha nacionaly ny vovonana Andriamaso, fa tokony homen'ny fitondram-panjakana asa ireo mpitandro filaminana nah-

rita fanompoam-pirenenena, satria lasa manampy isa an'ireo dahalo ireto farany rehefa tsy mahita fidiram-bola hamelomana ny ankohnany. Tsiahivina fa miisa 30 ireo vondrom-pikambanana izay mandrafitra ny vovonana Andriamaso manerana ny Nosy ary

niray feo ireto farany, fa ny tsy fisian'ny fanam-piana ara-tsosialy no anisan'ny fototra mampi-rongatra ny tsy fandriampahalemana, ka tokony ho jeren'ny manam-pahefana akaiky.

Franck Razakambelo

facebook

NY VALOSOA
Gazety misého intelo isan-kérinando VAOVAO

Rajoelina sy ny forongony
Nanao sorona olona teny
Ambohitsorohitra



Arphine Rahelisoa Helisoa : e reto ianareo, fa ilay natao sorona Zao mba nanao ahoana ny fiainany? Indrisy.

Christian Rabefitiavana : nanao sorona olona teny Ambohitsorohitra Rajoelina sy ny forongony tam'inny 7 fev 2009.

Lalahery Ranaivo : nampiakapeo ilay "sisampaty" fa nahazo toerana ny mpisolelaka, fa ny tena nitolona(hono) natao anjorombala.

Naly Rakotonoeley : misy ny tenin'izay Raimandreny be izay hoe ny Mpitolona tsy voatery ho teny An-kianja daholo kanefa dia Mpitolona daholo ireny!

Rataa Jhonson : ary hitako ny sasany nanome tsodrano, dia lasa nody.

Naly Rakotonoeley : hihiiiiii!

Raoeliarivony Andriantsalama Sitraka : ilay Min-Pop ve MBA isan'ny nitolona t@ ireny?

Landy Najah Andrianarivelox : mbola mpanao klipy tam'reny.

Randriamamizafy Ignace : sahirana ny sisa velona ny rà efa maina sy voafafa teo ny maty efa lo any ampasana ny havan'ny maty efa afa-tsaona sy si-tran'ny fanadinoana fa mbola fohazin'ireto indray.

Fidele Razanaparany : ireo koa ve hiasa saina @ 'izany NY seza EFA azony!

Tovonahahary Rasolofoharivelox : oay ireto izy mpanankarena be daholo... efa tonga any am-bilinin'ny malagasy izao ny vary Ar 1000/1 kapoaka...

Ranoux Ramaholy : tena anjely kely daholo reto izy, eo anoloan'ny lapa-panjakana, nefo Tvm t@io efa may.

Ei-Dani Rakoto : voky daholo ireto izy.

Hassan Mohamed : voky ny alahelom-bahoaka zareo!

Aurelie Raveloarisoa : mila Tonga saina lehiretsy a !

Lova Rakotonirina : botrabortra sy bekibo aby izy reto! Kkkk! Botrabortran'ny alahelon'ny nataony sorona.

Ken Chan Chaou : tena mahavarana ny fotom-pisainan'ny olona sasany. Fahoriania sy fijaliana ary tena fahantrana mihtsy anefa ny iainantsika sy ny ankabeazan'ny vahoaka.

Vololona Elisa : efa miliardera daolo reo ee, n'y Vahoka Mahantra Fadiranovana !

Josoa Fanomezantsoa : matimaty foana ny maty tamin'ireny 7 fevrier reny. Nataon'ny sasany tohatra fiakarana fotsiny e.

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Navalona


Famelabelarana momban'ny resaka tolotr'asa any ivelany, nataon'ny kaominina Ampitatafika Antananarivo Atsimondrano, tao amin'ny villa Ave Maria Ambodifontsy.



Mijoro ny antoko FIZAZIMA, tafapetraka ao amin'ny ministeran'ny atitany ny fijoroan'ity antoko politika vaovao ity.



Fitokanana ny American Corner vaovao, teny amin'ny Universite Ankatsosy.



VONTOSY FILAZANTSARA NY NOSY MADAGASIKARA

FJKM



DIABE eto TOAMASINA

Izay karakarain'ny SP 31 FJKM
 TOAMASINA Vavahadin'ny
 Filazantsara sy ny Komitin'ny
 Fankalazana faha 15 taonan'ny
 RADIO FAHAZAVANA

18 SABOTSY
 Tolakandro
FEBROARY 2023

Fiaingana I

14H 00
 FJKM ZOARA
 ANKIRIHIRY

Fiaingana II

14H 00
 FJKM BETELA
 TANAMBAO V

Fiaingana III

14H 00
 SEKOLY
 DAVID JONES

LA MAIRIE

15H 00

→ TANAMBAO V → TANAMAKOA → SISIN-
 DRANOMASINA → TERRAIN ST JOSEPH BORD

PODIUM GRATUIT:

Entanin'ny
STK rehetra sy ny **SAMPATI**
 - Hira Fiderana
 - Fitoriana ny Filazantsara
 - Tsakitsaky isan-karazany

AMERICAN CORNER VAOVAO

Mampifandray an'Antananarivo sy Etazonia ary izao tontolo izao

Ny American Corner Antananarivo vao-vao, izay natsangana eny amin'ny Universiten' Antananarivo dia sady hanampy betsaka ireo mpianatra sy ireo sampam-pampianarana ary ny olon-drehetra maniry hanao fikarohana, no hanamafy ny fifandraina eo amin'Antananarivo sy Etazonia ary izao tontolo izao. Notokan'ny Ambasadaoro Amerikana Claire Pierangelo, sy ny Filohan'ny Universiten' Antananarivo Mamy Ravelomanana omaly, ny American Corner vao-vao, eny amin'ny Universiten' Antananarivo, izay hanokatra amin'ny fomba ofisialy ny tontolon'ny fikarohana sy ny fampianarana avo lenta ho an'ity Universite ity sy ny vahoaka Malagasy. Ny American Corner Antananarivo dia fiarahamiasan'ny Masoivoho Amerikana eto Madagasikara, sy ny Universiten' Antananarivo ary ny



Fitokanana ny American Corner vao-vao teny Ankatsu.

Sampam-pampianarana teny Anglisy ao aminy. Ny vahoaka amerikana, tam'in'ny alalan'ny governemanta Amerikana, no niantoka ireo fitaovana mitentina 50000 dolara ao anatin'y. Ny Fondation Axian no nanome ny internet haingam-pandeha ampasaina ao. Notsipihan'ny Ambasadaoro Amerikana Pierangelo ny lanjan'ity American Corner vao-vao ity, raha nilaza izy fa "pejy vao-vao eo amin'ny fifandraina'ny Universite sangany eto Madagasikara ity."

Ny American Corner Antananarivo dia iray amin'ireo American Corners telo eto Madagasikara ary tafiditra ao anatin'ny tam-toana izay hafahan'ireo rafitra ireo manana fijery sy fisainana misokatra amin'izao tontolo izao, sy mandray andraikitra eto an-toerana – na ilay hoe "think global, act local" – sady miara-miasa hename fahafahana hahazo fiofanana avo lenta ho an'ireo mpianatra sy ny mpampianatra ary hanamafy orina ny kalitaon'ny fampianarana eto amin'ity Universite sangany eto Madagasikara ity."

Ny American Corner Antananarivo dia iray amin'ireo American Corners telo eto Madagasikara ary tafiditra ao anatin'ny tam-

bazotran'ireo ivon-toerana maherin'ny 700, mitovy aminy maneran-tany, izay tantanan'ny governemanta Amerikana hizara-na vao-vao azo antoka momba an'i Etazonia sy izao tontolo izao. Ny American Corner dia manome fahafahana ho an'ny rehetra hamantatra ny kolontsaina Amerikana, sy ireo soatoavina iombonana eo amin'ny Amerikana sy ny Malagasy, hanohy ny fianarany, hanovo ireo fahai-za-manao momba ny teknika sy ny fandrahahana ary hanatsara ny fahaizana teny anglisy. Ny tena goavana amin'ireo tolotra omen'ny American Corner dia ny fanampiana ny tsirairay na vondrona iray handray anjara amin'ny hetsika ampitain-davitra sy afaka atrehina mivantana, momba ireo lohahevitra izay mikasika mivantana ny fiarahamolina sy ny firenena ary izao tontolo izao.

Aly

Baolina kitra sy tokantrano

Tontosa ny fanambadian'i Rakool Barea Chan sy ny vadiny

Tontolon'ny baolina kitra sy tokantrano, tontosa omaly ny fanambadian'i Rakool Barea Chan na Razafindra-naivo Koloina na i Rakool sy ny vadiny, mpilalaon'ny Barea Chan farany teo, ary anisan'ny nitondra avo ny voninahi-pirenena tany Algeria. Nampakatra an'i Nasandratiniaina Mendrika Lavorary izy, vita omaly ny fisoratam-panambadian'izy ireo na ny fanambadiana ara-panjakana sy ny mariaziny.. Marihana fa handeha hilalao baolina any Algeria izy, hilalao amin'ny Mouloudia d'Alger, neverina fa hombam-bady Rakool amin'izao handehanany hilalao baolina kitra any amin-dry zareo Algeriana izao. Ny gazety Ny Valosoa Vao-vao dia mirary tokantrano sambatra ho an-dRakool mivady.

Lita



Rakool mivady.

Antsohihy

Lalao « jeux video » niafara tamin'ny korontana sy savorovoro

Niafara tamin'ny korontana sy ny savorovoro ny lalao « jeux video » nataon'ny ankizy tany Antsohihy, renivohitry ny fariatra Sofia. Resaka « jeux video », niteraka savorovoro tao Antsohihy. Mpianatra iray no vaky loha voatorabato, iray hafa lasan'ny mpitandro filaminana. Niara niloka, nilalao "jeux vidéo" izy ireo ary nifanaraka fa omena 1.000 Ar izay mandresy amin'izy roalahy, saingy nandà tsy hanome izany ny iray tamin'izy ireo ary nandrahona ny hanatsatok'antsy ilay mpandresy. Izany no anisan'ny nahatonga ny savorovoro tao amin'ity toeram-pilalaovana ity.

Stefy



Ny korontana tany Antsohihy.

AFK

Azo fehezina ny tsy fandriampahalemana

Avela ho potika bebe kokoa noho izao efa misy izao ve ny firenena? Hererina fa samy handà izany avokoa, amin'ny tsy hahatongavan'izany, ny olom-pirenena izay sartiny sy saro-piaro amin'ity firenena ity. Tsy ivelan'ny fiaraha-monina akory, fa eny anivon'ny fokontany izay eny ifotony no iporany sy itrangan'ny tsy fandriampahalemana eto amintsika. Iaraha-maha-lala tsara, fa mirongatra izy io, ary hita ho sahirana ny mpitandro filaminana amin'ny fifehezana azy. Isehon'izany avokoa, ary tsy misy an-kavanaka intsony ankehitriny, manerana ny toerana sy fari-tra rehetra eto amin'ny Nosy. Lasibatra ny asan-dahalo na jiolahy mpa-

nendaka na mpamaky trano na asa ratsy rehetra ny ambanivohitra sy antanà-dehibe. Tsy misy fotoanany intsony fa andro aman'alina. Ary ny loza dia tena efa lasa lavi-tra tanteraka ny fisehony, fa feno habibiana mihitsy, ary toy ny hererina tsy olona intsony no mahavita izany. Tsy misy izay tsy mikaikaika ny amin'izany ny vahoaka.

Raha ifotorana, manao ahoana ny fanaraha-maso ny mponina eny anivon'ny fokontany tsirairay avy? Voaara-maso tsara ve ny olona monina ao ary fantatra mazava izy ireo? Manao ahoana ny fanaraha-maso ny olona miditra mpifindra-monina hiorim-ponenana ao anaty fotoana fohy na

haharitra? Ahoana ny amin'ny fampiantranoana vahiny sy ny haharetany mitoetra ao amin'ny hivahinianany? Miankina amin'ny fifehezana izany rehetra izany no hampitoetra ny fandriampahalemana eny anivon'ny fokontany tsirairay. Avahana tsara, tsy mitovy amin'ny ambara amin'ny teny vahiny hoe "Etat – policier" no tiana holazaina eto, fa tena fandriampahalemana andraikitra feno sy ara-dalàna sahanin'ireo tomponandraikitra eny amin'ny fokontany. Rehefa milamina ny fitantana ny fokontany amin'izay lafiny izay, voafehy ny tsy fandriampahalemana.

Ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana

(AFK), dia manana ny vaholana amin'izany lalana hifehezana ny fandriampahalemana eny anivon'ny fokontany izany. Eo am-pelatanany ny fia-taovana sy fomba hanatanterahana izany. Ho voaara-maso akaiky ny momba ny mponina (ireo mitoetra sy monina, ny mpiavy, ny vahiny mandalo,...). Mila miresaka mivantana amin'ny tomponandraikit'ity vovonana ity ny hahafahana mahafantatra ny antsipiriany amin'izany. Tsiahivina, hisy ny varavarana misokatra hotanterahiny ny Alarobia 8 Martsa 2023 izao. Ny laharana azo ifandraisana : 0341746053.

Aris



Teny amin'ny Epp Ambohitrarahaba.

Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE
04/02/2023 hatramin'ny
11/02/2023

- FANOMEZANTSOA (Am-bondrona) 020 22 286 85

- ANKAZOMANGA (Anka-zomanga) 020 23 302
68/032 12 714 17/034 12
714 17

- MAEVASOA (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69

- ANKAZOTOKANA (à 600m Jumbo score vers Am-banidja) 020 22 354 42

- RAZAFIMANDRANTO (Analakely en face espla-nade pavillons) 020 22 234 04

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao :
22 441 88 / 22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy : 22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel : 03 35 47 /
Orange : 032 32 354

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 / 22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalana : 22 280 54
2° Ambohibao : 22 309 46
3° Antaniantsoa : 22 291 30
4° Isotry : 22 280 51
5° Mahamasina : 22 280 48
6° Ambohimaranina :
22 225 52
7° 67 Ha : 22 291 29
8° Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 / 22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao mifeso
intelo
isan-kerinandro
Vidiny: 600 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindrantombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsialavona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1400-02-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka,
na antsaina amparahibemaso
raha tsy ahamoana alalana vita
sortanana avy amin'ny
tompony

FANAMPIAN'NY FID

Ireo mahitahita ihany no mahazo ny vatsy-vatsy

Araka ny vaovao voaray sy fanadihaniana natao, ireo mahitahita ihany no mahazo karazana fanampiana vatsy-vatsy avy amin'ny FID na Fonds d'Intervention pour le Développement. Nambarany fa: "resaka fanampiana Mionjo ity resaka ity. Hanaovana antso amin'ny FID - Fonds d'Intervention pour le Développement sy ny Banque Mondiale Madagascar

-lizay mahitahita no mahazo ity atao hoe vatsy vatsy ity. Olona tena manana ny ampy fa dia any amin'ny hoe ny mpizara tombontsoa no manome ny tolotra. Nilaza moa ilay olona fa ireto tompon'andraikitra isan-tsokajina no mihinana mahazo tombontsoa voalohany amin'ilay vatsy vatsy... Ny mpansasa lamba tsy mba nahazo na dia nilahatra aza... sady manana trano no manana fiara noho ny asany tena mahavelona anefa dia omena tolotra vatsy angaha! Tsy misy manana ny ampy fa mbola misy olona tena mila ilay fanampiana noho izahay dia tsy nanaiky iza-

hay!
-lty tatitra ity dia hangatana ny fanarahamason'ny tompon'andraikitra... ary hiantsoana ny Transparency International Initiative Madagascar sy ny Malina ary ny mpansaga rehetra mba hanadihady, ny Gazety Valosoa ... Misy mitairaina aty amiko fa any amin'ny Faritra Androy iny no misy izao!

"Ny Association Ampela Mitraoke dia manoratra anarana isan-tokantrano any amin'ny fokontany, dia ny chef fokontany no asaina manoratra ny olona ao amin'ny iadi-diany.

Ny tena mampalahelo dia rehefa manoratra ny ana-ran'ireo olona ilay chef fokontany dia teneniny hoe: (120.000 Ar no zaraina dia ho soratana ny anarana fa omena ahy ny 80.000 Ar dia 40.000 Ar ny anaran'ilay soratana anarana). Dia manaiky tsy fidiny ny olona ho soratana anarana satria mba sitrany ahay mahazo izay 40.000 Ar izay.

Izany ny zava-misy ato amizao: "ireto mpahazo tombontsoa anefa tsy

misy sahy mijoro ho vavolombelona satria hoe "Tena maharary ireo fa sao dia hifoteran'ny rambony na hamono biby tsy mahafaty, ka hifoteran'ny rambony no mampatahota azy ireo". Hoy ilay mitaraina "Ka efa nitaraina tamin'ny mikarakara ireny koa aho fa tsisy azo atao

hoy izy raha tsy misy polo". Miantso ny be sy maro aho... Izao mantsy manusika mafy ity "filet de sécurité sociale ity ny Banque Mondiale manerantany mihitsy izy ity, satria vola mora alatsaka io... lo tsy hoe dia vola bôjo daholo fa vola tro-saina ihany koa! hatreto

anefa dia ny tompon'andraikitra isan'ny ambara-tongany no matavy sy misitraka voalohany ilay fanampiana... ankoatra ny any dia tsy hita mihitsy! Koa manao antso am-kin'ny FID ny mahakasika izay."

Niaina

Taratasin'ny mpamaky


Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety izao manaraka izao: MANAM-BOLA VE IANAREO FANJAKANA SA EFA HO BANKIROMPITRA ? Tsy mety mitsotra mihitsy ianareo hoe sahirana. Raha mitsotra ianareo dia mba mitsotra koa ny fon'ny vahoaka . Fa tsy izany no misy fa vao mainka aza ianareo mihoerahoera . Afomanga tsy hihinan-kanina no ato-lotra ny vahoaka . Matin-kambo ianareo nefo eo amin'ny sehatry ny fampiana-rana amin'izao dia andoavana vola da-holo ny fanadinana CEPE sy BEPC na dia dradraina aza fa maimaim-poana . Izao dia niakatra ho 2500 Ar no haloa ho an'ny mpanala CEPE ary 3500 Ar raha BEPC . Izany ve ilay maimaimpoana ? ny fanaovana fizaham-pahasalamana (visite medicale) ho an'ny mpanala fana-dinana dia andoavana eny amin'ny CSB vola 1000 Ar hatramin'ny 2000 Ar isaky ny mpianatra , izay azo antoka fa tsy miditra amin'ny kitapom-bolam-panjakana

akory satria tsy misy rosia mazava ny amin'izany, fa ny dokotera fotsiny no toa mitango izany. Ny taratasim-panadinana dia tsy vitanareo intsony ny manonta azy, fa omena modeley iray isaky ny se-koly dia ny sekoly no manonta izany araka ny isan'ny mpianatra ao aminy (tena tsy fahita tao anatin'ny 60 taona aloha izany !) . Izany no santionany amin'ny zava-misy eo amin'ny sehatry ny fampianaranana. Kianja sy toerana ha-naovana ny adina EPS mbola manginy fotsiny rehefa tonga ny fiatrehana izany , satria tena tsy ananan'ny fanjakana raha ny eto an-drenivohitra fotsiny no je-rene . Dia ho aiza atsy ho atsy ny raia-mandreny sy ny mpianatra mahantara ? sa dia ny hadadondrona ny vahoaka no tena tanjonareo , amin'izay dia ho lasa mora ambakaina sy atao araka izay itiavanareo azy ?

Raim-pianakaviana tonga saina
Mpamaky gazety Ny Valosoa

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao) N° 422



Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valliny Teny Tondro (0421)

Mitsivalana

- Fanafody
- Akofa - If
- Ramatoa
- Kely (miv -
- Ony
- Tina - AA
- No
- Amidy - TV

Mitsangana

- Faritra
- Ilaka (miv)
- Nomenay
- Afaka
- Fat(y) - Ny
- OO
- Diana
- Fy (miv) - Voay (miv)

TENY MIFANAPAKA N° 422

A	B	D	E	F	G	H	I	J	K
1									
2									
3									
4									
5									
6									
7									
8									
9									
10									

Mitsivalana

1. Fanimbana zaza tsy ampy taona
2. Fanontaniana - Vokatry ny tany - Metaly (miv)
3. Hery sy tanjaka - Mpisolo tena
4. Olona fotsy tava
5. Biby fiompy - Aro tongotra (mivà 6. Kris-masy - Handray 7. Atanika afo, atono (mivà 8. Teny fanenta-nana - Inona 9. Faneva (BL) - Masiaka 10. Zanak'i Dada - Tsiro - Tao

Mitsangana

- A. Filaminana, fahasambarana
- B. Milaza fananana - Aotra - Leha
- C. Nanolorana
- D. Ao amin'ny bala - Mpanondro (miv)
- E. Simba, masiso - Isa Romana
- F. Miantso - Voninkazo
- G. H. Ni-raisana dia
- I. Nampiasa fera
- J. Nitambatra - Matanjaka
- K. Alefa any ivelany - Ila, iiry

Valliny Teny mifanaraka 0421

Mitsivalana

1. Mampiantso
2. If - Kira
3. Fian-tohaha
4. Antitra
5. Na - Andao
6. Pasitera
7. Lio - Nirona (miv)
8. Fananana
9. Nao - Ap
10. Ar(etina) - Fia - Zom(a)

Mitsangana

- A. Mifanolana
- B. Afina - Ar
- C. Ta (miv)
- D. Pofo
- E. Perina
- F. TT - Sangy
- G. Ako-raina
- H. Mihantona
- I. Tra - Dera
- J. Santarinao
- K. Mpamao (miv)



NY TENY FIANANA

Fadio ny fanao ratsy rehetra. Ary dia ny Andriamaniry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka, ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanareo ho tanteraka, ka tsy hanan-tsiny amin'ny fihavian'i Jesosy Kristy Tomponsika.

I Tesaloniana 5:22-23

TOKINANTENA RANDRIATSIFERANA, TSIRY

Tsy mbola ho lasa any Libye

Na dia efa nandeha be aza ny feo, fa ho vidian'ny ekipa iray any Libye, hilalao any amin'izy ireo mandritra ny fotona maharitra ilay mpi-lalao elatratravany havian'ny Barea Chan, Tokinantena Randriatsiferana « Tsiry », dia izy tenany mi-hitsy tamin'ny alatsinainy 06 febroary 2023, raha ni-resadresaka tamin'ny mpanao gazety, no nambarana fa efa nifarana ny “mercato” ka tsy ho tanteraka izany faniriana

izany na dia efa nokarakaraina any amin'ny ekipan'ny Fosa Junior Fc Mahajanga hilalaovany aza ny taratasy momba izany. Mazava loatra fa mbola tafajanona ao amin'ity ekipa hilalaovana ity aloha izany amin'ity taom-pilalaovana ity i Tsiry, ka mbola handray anjara amin'ny fifaninana eto an-toerana “Orange Pro-League 2022-2023”.
Rainilita



Tsiry tany Algérie.

Itasy Football

Hitohy ny « Championnat de Football D1 2022-2023 »

Hitohy amin'ny alahady 12 sy alatsinainy 13 febrero ho avy izao ny fifaninanana baolina kitra « Championnat de Football D1 2022-2023 » karakainy Ligin'ny baolina kitra any Itasy fantatra amin'ny hoe : « Itasy Football » taorianan'ny nanemorana azy nandritra ireny andro ratsy ireny. Fandaharan-dalao vondrona andrefana Alahady 12 febroary 2023, Kianja Miarinarivo : 13:00-Antanambao FC# 117 FC VS Jamaica Jfc (lalao miverina) 15:00-Fct Analavory #FCA analavory (lalao miverina) Alatsinainy 13 febroary 2023, Kianja Ampary : 14:00-Fitama # Mada City (lalao miverina) Vondrona atsinanana Alahady 12 febroary 2023, Kianja Arivonimamo : 12:00-Asca Foot # FootAcademie Fenoarivo (lalao mandroso) 14:15-Fmb



Ekipa mpilalao any Itasy.

Brinx # Ojai (lalao miverina) Alahady 12 febroary 2023, Kianja Amboniat-

simo Imerintsiatosika : 12:00-Cft Fc # Shalk Fc (lalao mandroso) 14:15-Fmb

Aseffama # Grenade Fc (lalao miverina). Rainilita

Ekipam-pirenén'i Mayotte basikety

Hanao lalao famerenana amin'ny Cospn sy GnbC



Nat Mayotte teny amin'ny petit palais Mahamasina.

Amin'ny alatsinainy 13 sy talata 14 febroary 2023 ho avy izao indray, vao hiaka-tsehatra etsy amin'ny kianja “petit palais Mahamasina” ny ekipam-pirenén'i basikety avy any Mayotte, izay mandranto lalaom-pirahalahiana eto Madagasikara ankehitriny, ho fanomanana ny Lalaon'ny Nosy 2023, ka ny lalao famerenana hifanandriny amin'ny ekipa Malagasy Cospn sy GnbC no hatrehany amin'izany. Fandaharan-dalao samy hanomboka amin'ny 4 ora hariva : Alatsinainy 13 febroary : Nat Mayotte # Cospn Mad, talata 14 febroary : GnbC Mad # Nat Mayotte. Marihana fa ho bôjo hatrany ny fidirana mijery an'ireo lalao ireo.

Rainilita

Sakafo Ny Valosoa



Tsiasisa sy saosisy indray, no laoka amin'ny sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsato ananas y angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Ny soa azo avy amin'ny tongolobe



Ny soa azo avy amin'ny tongolobe amin'ny vatan'olombelona indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany:

- Anti-oxydant, na miaro amin'ny fahanteran'ny sela,
- Mampatanjaka ny hery fiarovana,
- Miady amin'ny virus sy ny bakteria,
- Tsara ho an'ny fo sy ny lalan-drà,
- Mampidina tosi-drà,
- Miaro ary manala ny zavatra manentsina ny lalan-drà,
- Mampihena vatana, manala tavy,
- Manampy amin'ny fandevonan-kanina, miaro amin'ny aretim-pivalanana,
- tsara hoan aty,
- Tsara ho an'ny maso sy ny saina (fitadidiana),
- Mampidina ny tahan'ny siramamy ho an'ny olona diabetika,
- Miady amin'ny homamiadana na cancer,
- Tsara ho an'ny volo, mampaniry volo,
- Tsara ho an'ny olona manana aretin'ny havokavoka,
- Mampatanjaka ny taolana,
- Tsara ho an'ny prostate ny lehilahy, mahasalama.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'Antanambaobe, distrikan'i Mananara Avaratra faritra Analanjirofo

Ny tanànan'Antanambaobe distrikan'i Mananara Avaratra faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Antanambaobe ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 16 mandrafitra ny distrikan'i Mananara Avaratra. Any afovoany atsinanan'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Efa azo lazaina ho tsy iva toerana izy, satria 175 m ny haavony mohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny kafe, ny jirofo, ny lavanila. Mpiompy akoho amam-borona koa ny mponina any Antanambaobe.

